**Fampodiana ireo Malagasy any ivelany**

08 Aogositra 2021, 8 ora alina. Nandritra ny dinidinika niarahana tamin'ny Filoham-pirenena, Atoa RAJOELINA Andry Nirina, manoloana ny mpanao gazety momba ny fiainam-pirenena manoloana ny ady amin'ny valan'aretina COVID, nanambara ny Filoha fa hisy ny sidina manokana hampodiana ireo malagasy any ivelany. Maro ireo Malagasy izay tsy maintsy mody, anisan'izany ireo nahavita fianarana, nanapitra ny "contrat" amin'ny asa, na koa ireo tsy maintsy nitsabo-tena.

Noho izany, miisa efatra (4) ny sidina manokana miala ao Paris ka mody an-tanindrazana ary ireto avy ny daty hanatanterahana ny sidina :

- 22 aogositra 2021
- 28 aogositra 2021
- 12 septambra 2021
- 19 septambra 2021

Ireto manaraka ireto ny fepetra rehetra tsy maintsy hajain'ireo Malagasy maniry ny hody an-tanindrazana :

- Tsy maintsy manao ny "test PCR" vao tafiditra eto Madagasikara
- Tsy maintsy mihiboka rehefa tonga eto Madagasikara
- Tsy maintsy manana taratasy manamarina fa manana adiresy eto Madagasikara
- Tsy maintsy manana taratasy manamarina ny antony nivoahany teto Madagasikara

Eny anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny sy ny Masoivoho any ivelany kosa no misoratra anarana ireo Malagasy handray ny sidina miisa efatra (4)

Nanamafy ny Filoham-pirenena fa mbola mikatona ny sisin-tany hisorohana ny fidiran'ny "Variant Delta" eto Madagasikara.